

# Anosy : Miha-mafy hatrany ny tolon'ireo mpanabe

2

# NY VALOSOA

Gazety misého intelo isan-kerinandro  
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

VAOVAO

Alakamisy 12 jolay 2018

Laharana 787

Vidiny : 400 Ar

CUA

## Ny marina momba ny tanin'ny CEG Analamahitsy



VAZAHANIKASA HANDOSITRA ANY ANDAFY

## Taraiky tsy afa-niala teto Madagasikara



Lalan'ny atody

7

Fampanantenana poakaty  
no nataon-dRajao

[www.gvalosoa.com](http://www.gvalosoa.com)

[gvalosoa@yahoo.com](mailto:gvalosoa@yahoo.com)

facebook : gazety valosoa rakoto

2

Ravalomanana mivady

3

## Niarahaba sy nihoby ny Kardinaly Tsarahazana koa



6

Fitaterana

7

Mitazam-potsiny ny gaboraraky  
ny taxibe ny ATT

2

Fiaram-panjakana  
Mbola misy ireo any amin'  
ny CT sy CST teo aloha

5

Fampianarana  
Rava maina ny "examen  
blanc" tany Marolambo

Daka kely

Tsy mankaiza nareo mitsamy Ra-force, ny  
iray Hery vizana, ny iray Andry boboka a!

Mondial 2018

4

Fantaro ireo Afrikana  
manavotra an'i Frantsa



CUA

## Ny marina momba ny tanin'ny CEG Analamahitsy

**A**n'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra tokoa teo aloha ny tany misy ny CEG Analamahitsy ambi'izao fotoana. Namidin'ny tompon'andraikitra tamin'izany fotoana izany tamin'olon-tsotra aneia izany tamin'ny taona 1998 arak'izany misoratra amin-dRazafarimanga Marie Meltine ity tany misy ny CEG Analamahitsy ity amin'izao fotoana. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia mana-mbara fa araka ny fanapahankevity ny mpanolotsaina ny tanana miton-dra ny laharana 026bis/ 98 tamin'ny 10 jolay 1998 nosoniarivin'ny filohan ny filankevity ny tanana tamin'ny fotoan'androny, Lalaina Berthunes dia namidy tamindRamatoto Razafarimanga Marie Meltine ny am-pahatany « ANTSONJOMBE COMMUNE » 24124-A ao Antsonjombé Antananarivo mirefy 4217 m<sup>2</sup> misy ny CEG Analamahitsy ambi'izao fotoana izao. Noho izany dia tany manan-tompo tamin'ny taona 1998 io tany misy ny CEG Analamahitsy io ari ny mpiton-dra tamin'izany no niv-



Ireto nanao valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety teny Analamahitsy.

rotra ny tany tamin-dRamatoto Razafarimanga Marie Meltine. Arak'izany dia tsy ny ben'ny tanana Lalao Ravalomanana velively no nivaratra ny tany fa efa tamin'ny taona 1998 no nisy ny fampivaroana, izy aza ankehitriny vonona hanome tany vaovao eo akaihy eo ihany maimpoana ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, hanorenana CEG vaovao raha mbola hanohy ny tetikasa hamindrana io CEG io ihany ny ministera sy ny mpiara-miombon'antoka ambi'izao. Nisongadina tany amin'ny CEG Analamahitsy nandritra izao va-lan-dresaka ho an'ny mpanao gazety nataon'ny avy amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra Izao, nahlitana ny talen'ny seraseran'ny Kaominina Dina Ramananarivo, sy ny mpanolotsaina Monisipaly ao amin'ny Boriboritany fa-ha-5, Fetra Razafitsimialona, ary ny avy amin'ny ministeran'ny Fanabeazam-pirenena nahlitana ny lehiben'ny ZAP ao amin'ny Boriboritany fa-ha-5, Johnson Ranaivo-arisoa, nisongadina ta-min'izany fa ta-

vohitra ity iha-ny, tsy nivaratra tany ary tsy hilavrotra izany mihitsy ny Kaominina. Nisy ny tafatamin'ny mpanao gazety teny amin'ny CEG Analamahitsy ny talata teo. Nisongadina tany amin'ny CEG Analamahitsy nandritra izao ny mpianatra raha tsy vita ny CEG vaovao. Nohamafisirin'ny lehiben'ny ZAP Boriboritany faha-5, Johnson Ranaivo-soa fa tsy nisy ny fivaro-tana tany, ary tsy hiala ao amin'ny CEG ankehitriny ny mpi-anatra raha tsy vita ny vaovao. Raha ny fanapahan-kevitra farany avy amin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena indray anefa dia tsy hanao CEG vaovao indray izy ireo fa hijanona eo amin'ny misy azy hatramin'izay ihany aloha ny CEG Analamahitsy.

Isambilo

Isambilo

Flaram-panjakana

## Mbola misy ireo any amin'ny CT sy CST teo aloha

Fantatra amin'izao fotoana izao momba ireo flaram-panjakana fa mbola misy izy ireny no any amin'ireo CT sy CST teo aloha tamin'ny androny tetezamita. Araka ny tapaka tamin'ny filan-kevity ny ministra anef

dia atao plaque rouge na takelaby mena vokoa ny nomeraon'ny fiara an'ny fanjakana rehetra. Misy ireo fiara maro Toyota Camry sns... izay tonga teto tamin'ny taona 2009 saika hanatanteraha ny Francophonie sy ny fi-

haonana an-tampon'ny Vondrona Afrikana tetamintsika tamin'ny fotoanandro izay tsy tante-raka, noho ny zava-nisy teto amin'ny firenena noho ny fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina . Maro

amin'ireny fiara ireny no mbola eny am-pelatana... tamin'ny tetezamita ka tokony halain'ny fitondrana koa hatao take-lababy mena koa ny nome-raony.

Ny Valosoa

Sehatry ny angôvon'aratra

## Ny ampihimamban'ny fanjakana no tsy mampiparitaka azy

Milaza ny heviny momba ny sehatry ny famokarana angôvon'aratra eto amintsika ny SEFAFI na ny Sehatra Fana-rafah-maso ny Flainam-pirenena. Olona 1.4 lavitrira eto an-tany no voalaza fa tsy mahazo herinaratra, ka ny 7 amin'ny 10 dia aty Afrika atsimon'i Sahara. Anisan'izany ny 85%-ny Malagasy satria 15% ny tanan'ny fahazoana herinaratra ankehitriny. 11% izy io tamin'ny 1998, talohan'ny fanalahana ny sehatrasa tamin'ny alalan'ny lalana lah. 98-032 tamin'ny 20 january 1999 misakisa ny fanavaozana ny sehatry ny Herinaratra eto Madagasi-kara. Tsy nahazo afa-tsy isa 4 izany isika tao anatin'ny 20 taona. Nahoana no zara raha mandroso toy izany? Ny sehatry ny angôvo amin'ny ankabobeny, ary ny sehatry ny herinaratra manokana, dia sehatra faran'izay tena manan-danja manokana, nefia dia tsy mba vahavahana

firy, ary chatra ny tsy maharotra ny rehetra izay tsy taitra, fotoana fohy iha-ny, raha tsy efa iharan'ny fahatapahan'ny herinaratra na ny fikaran'ny vidin-tsoliaka. Ny Malagasy no anisan'ny mitondra faisana indrina noho ny fahantrana amin'ny angôvo, nefia atsy Maorisry sy atsy Seychelles dia efa ho 100% ny fahazoana herinaratra. Tsy azo lava-vina fa midadasika ny tany ka manasaratra ny fanafainganana ny fanomezana herinaratra ny fi-renera manontolo, fa misy antony hafa koa izay tena tsy voafehantsika. Anisan'izany ny safidy politika. Ny lalana lah. 2017-020 misakisa ny Fehezan-dalanan'ny Herinaratra eto Madagaskara dia navoka ny 10 april 2018 rehetra avy novolavolaina efa ho roa taona. Mba ho fa-mpiharana ny Politika Vaovaon'ny Angôvo (NPE) nolaniana tamin'ny 2015 dia narafitra ny Fehezan-dalanan'ny herinaratra izay nokasaina hanafain-

ganana ny hahazoan'ny 70% ny tokantrano malagasy he-rinatra mandra-pahatongan'ny taona 2030. Angôvo samy hafa no hafangaro ambi'izany ka ny 85% dia ho loharanor angôvo azo havaozina. Ny voalohany in-drindra ambi'izany dia ny ny angôvo avy amin'ny rano, satria io no ananana be indrina eto amintsika, no mety hahazona 7.800MW, nefia dia 2% -n'io fotsiny no voatrandraka ankehitriny. Rehefa dinihina amin'ny saina tsy miangatra io lalana io dia hita fa raha mitaha amin'ny lalana lah. 98-032 izy dia milondra fanavaozana ambi'ny laliny maro. Ao aloha ny famaranana ny fampifangaroana ny loharanor angôvo azo havaozina ambi'ny rano ihany. Ny sori-dalana izay natao ho an'ny faharanana ambi'ny Fitrandrahana sy ny Fahazoan-dalana dia nohamainvanina

taty aorianana, mba hahalonga ny tsena haniontana kokoa ny mpa-mpiasa vola. Noforonia koa ny marika « Mpanome Maliso » mba ha-mporishana ny mpan-draharaha ham-piassa angôvo azo havaozina. Tsy mazava anefia ny toromarika omeny misakisa ny fanetanana ambi'ny heta sy ny ladaony izay mety ho azon'io karazana mpandrahara io. Ny Fehezan-dalanan'ny he-rinatra dia manazava sy mama-nitra indray ny asan'ny andrim-panjakana samihafa miandraikitra an'io sampana io satria voamainana fa manjavavy no momba ny lalana fotofa ary mivangongo loatra ny fahafana eo am-pelatana'ny fitondrana ka izany no an-sa ny antony lehibe indridra mampihisatra ny fanomezana herinaratra ny firenena efa am-polo taonany maro izay.

Nangonin'Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

## Filoha Marc Ravalomanana : lotoina fa vao mainka mamiratra

Efa antomotra ity ny fididianana filohan'ny Repoblika vaovao hitantana ny firenena indray, ao anatin'izany, mandeha avokoa ny paipaika maloto atao ireo tsy maty voalavo ankibo ambi'ireo kandida izay heveriny fa matanjaka. Lasibatra amin'izany ny kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ny filoha Marc Ravalomanana , ka ny ben'ny Tanana Lalao Ravalomanana sy ny mpiara-miisa aminy no fitaovana entin'ireo tsy mataho-tody handotoina an'i Dada. Mandeha be amin'izao fotoana izao ny resaka fa hoe nivaratra tany eny Analamahitsy misy ny CEG ny ben'ny Tanana Lalao Ravalomanana , atao laza-masaka amin'ny haino aman-jery sy ny gazety ery io vaovao io tato anatin'ny andro maromaro izay. Amin'izao, tampa ny daomin'ny mpanaratsy fa tamin'ny taona 1998 io tany io dia efa namidin'ny tompon'andraikity ny CUA tamin'olon-tsotra. Marobe ny fanaratsiana atao amin'ny filoha Marc Ravalomanana , fa ny tsy fantar'ireo mpanaratsy dia vao mainka mampitombo ny lazan'i Dada izany . Mbola tsy adinon'ny vahoaka manerana an'i Madagasikara ny fampandrosoana nentin'ny fitondrana Ravalomanana tao anatin'ny 7 taona nitantanany ny firenena , ka ho ssasapaoana eo ireo milaza azy ho mahay. Raha tsy nisy ny fanonganam-panjakâna tamin'ny taona 2009 nataon'ny fahavalom-pirenena dia efa lasa lavitra i Madagasikara , saingy izay no misy dia very teo indray i Madagasikara efa saika namiratra . Ny marina tsy mba maty ka na ho lotoina aza ny filoha Marc Ravalomanana dia vao mainka izy hamiratra , volamena nilat-saka ambovoka , tsy hilaozan'ny soa tsy hamiratra .

Helisoa

Anosy

## Miha-mafy hatrany ny tolon'ireo mpanabe

Mitohy ary mbola mafy be hatrany ny fitakiana atao ny mpampianatra eo amin'ny minisiteran'ny fanabeazana ao Anosy . Nanamafy ireto farany fa tsy hiverina hiasa izy ireo raha tsy mivaly ny fangatahana izay notakiana efa ho roa volana mahery izao. Arak'izany , nisy ny tatity ny fihaoan'ireo solontena valo milanadahy tamin'ny Praiministrta Ntsay Christian, teo amin'ny tokontanin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena omaly. Mbola ao anatin'ny fandinhina ireo teboka dimy nota-kiantsika mpampianatra ny Praiministrta hoy ny mpitondra teny , ka mbola miandry izany isika izao hoy ramose Arsène, mpitarika. Tsy misy miditra an-tesekoly izany isika hoy izy raha tsy voavaly ireo fangatahana napetra-tsika , ny akanga maro tsy vakin'amboea koa hohamafisantsika ny tolon' hoy izy teo ampamaranana. Araka ny efa nambaraha tetu amin'ny gazety dia rariny ny fitakian'ireo mpampianatra, ka tokony ho tohizany hatramin'ny farany, raha tsy ho azon'izy ireo amin'izao izany fitakiany izany dia mety tsy ho azony intsony.

Helisoa



My hetsiky ny mpanabe tetsy amin'ny Tranoboribory Anosy omaly.

## Ny Valosoa sy hadihady

**Fitondrana Rajaonarimampianina : manomboka manohy manitsaka sy manosihosy indray**

**N**oheverina ho efa manova fomba fisainana sy fiasa ny fitondrana Rajaonarimampianina namomboka hatramin'ny fananganan'ny Praiminstre Christian Ntsay ny governemant. Maro no nihevitra fa efa nobeazina ka hahay hifely amimpahendrena izay mety ho hetsika ny neverina ho mpitandro filaminana. Hevi-diso ihany anefy izany rehetra izany raha nahita ny zava-nitranga teny amin'ny Polytechnique Vontovorona ny 09 Jolay lasa teo dia tsy misy ny fiovana. Ny nitranga hitan'ny besinimaro, mpitandro filaminana nandaroka baomba lakrimôzena mpianatra nanao hetsika fitakiana, mpianatra nodarohana tsy nananana anta toy ireny jiolahy ireny, farity ny Université nideran'ny mpitandro filaminana tsy nivaky loha ny "franchise Universitaire", sns... Matao manao hetsika ny mpianatra dia misy tsy ara-dalâna ny momba azy. Raha ny mpitandro filaminana ve tsy hivakan'ny fitondrana loha na kely aza handirry ny fotoana ela, hanao ahoana ny ho fihetsiny? Ary aoko toko ho izany no hitranga raha hampiseho môdely eto amin'ny firenena hilamindamina hiandry am-pahendrena izay mpitondra tonga saina hahatsiaro azy na ho taona rahoviana na rahoviana. Fa ny zavatra nisy aloha tamin'ny andro iny dia natao izay hamoretana ny mpianatra. Ary n'inona n'inona hambara, ny mpitandro filaminana sy izay tompon'andraikipanjakanan nimiraka sy nanome baiko dia diso ary tsy mety ireny fihetsika ireny. Rehefa miresaka mpianatra dia tsy misaraka amin'ny fanabeazana izany na sehatra aliza na sehatra aliza. Tanora kendrena hoavin'ny firenena ireo any aoriania fa tsy hatao ho botom-bahiny na rajakom-bazaha. Asa

aloa na tsy izany intsony no politika ambadiky ny fitondrana Rajaonarimampianina? Ka tena fitalzana ratsy mihitsy no nasehon'ny fitondrana sy ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao. Fitalzana ratsy natao hatramin'izay ary mbola tohizana ihany ankehitriny. Tsy an'ny mpanabe na mpampianatra ihany, ankoatra ny ray aman-dreny, no tompon'andraikira amin'ny fanabeazana ny zaza sy ny tanora eto amin'ny firenena, fa tena taifiditra amin'izany ny tompon'andraikipanjakanana. Raha tsy mahalala izany ireo dia tokony hametra-pialâna dieny izao, fa ho potika tsy ho elâty firenena ity. Ary izao koa, nahoana raha mpampianatra no mikasi-tanana mpianatra nogadraina sy nofaizina, niarahânahita tsara ny njanjo ilay mpampianatra teny Anjanahary, fa raha mpitandro filaminana kosa no nanao ireny herisetra tamin'ny mpianatra ireny dia ahoana? Miala maina amin'izao fotosiny? Ny an'ny mpampianatra, tsy azo lavina fa tsy maintsy misy fanabeazana sy fitalzana ao, fa ny an'ny mpitandro filaminana mba inona no soa azo amin'ireny fandratrana sy daroka mpianatra ireny? Tsy misy, lefy ratsin'izany aza no hitranga satra lesson-dratsy ireny, ary maneho ihany koa ny haavo lenta ny toetsain'ny mpitandro filaminana Malagasy amin'ny ankapobeny. Tsy mandefa saina lavitra amin'izany anefy no hita tamin'ny fihetsiky ny fitondrana taorian'ny andro iny, ary izay no ilazana fa manomboka manao ny ataony, manitsaka sy manosihosy indray ny mpianatra, ny vahoaka ity fitondrana mijoro ankehitriny ity.

Sôh'son

facebook

NY VALOSOA  
Mora ny mandrava toy ny nataondRajoelina fa sarotra no hanangana

**Andriamihaja Kevin:** mora ny mandrava!!! mora ny mando!!! mora ny manapotika!!! fa sarotra tena sarotra ny manarina!!! 9 taona aty aoriania!!! tratra ny tanjona ho an'ly Andry Rajoelina satra dia potika i Madagasikara!!! nahantra ny malagasy!!! potika ny firenena!!! ka hanavatra inona Rajoelina? elah no nanimba!! elah no nandoro!!! elah no nandrava!! d zao ve elah milaz fa elah ndray no anavotra? ampy ny fanapotehana sy fahantrana naiainan'ny malagasy!!! tadio fa tsyis afaka hanadino ny fanapotehana nataon'ialah tetra Boay kely! tadio fianakaviana maro no very asa nohoñ'ny fanapotehana nataon'ialah!!! maro no lasa tsy manana fotora ivelomana intsony satra voaroba ny fananany!!! ka tonga anao inona aty?? mba menatra ry Andry Rajoelina a!!!

**Raozy Gasy Ranja:** Tana no potika fa TS Mada , NY any @ sisiny TS nosombany, ary ireny manantena azy

**Dina Rakotoarisoa:** rehefa nophetehan-dRajoelina Tana, dia ny any amin'ny faritra indray no manaraka ho potehany raha sanatriavina ka ho lany eo izy.

**Tolotra Ranoelison:** ny donto sisa ambakaindry Andry Rajoelina sy ny mpanongam-panjakanana toa azy.

**Justine Zalema:** tsy hitondra développement aminay aty Rajoelina izany, olo hijery concert foana nanatrika ny meeting nataony taminay taty Analanjirofo. Hanantena tsy misy eo Boay kely ty amin'ny election ho avy io.

## RAVALOMANANA MIVADY

**Niarahaba sy nihoby ny Kardinaly Tsarahazana koa**

Feno dia feno ny fandaharam-potoaanan'ny Kardinaly Desiré Tsarahazana raha vao nigadona teto an-tanindrazana izy, ankoatra ny fandraisana azy teny amin'ny seranampiara-manidin'lvato dia nisongadina tamin'ny andromaly ny nandraisana ny Kardinaly teny amin'ny Nonce Apostolika Ivdandy, marihana fa anisan'ny nanatrika iz-

ny fotoana miavaka izany ny Filoha Marc Ravalomanana mivady ary niarhaba sy nihoby ihany koa ny Kardinaly Desiré Tsarahazana izy ireo, ny tolakandro kosa dia ny Sorona Masina lehibe tetsy amin'ny EKAR Masindahy Francois Xavier Antanimena no nifantohan'ny mason'ny rehetra indrindra ny mpino Katolika. Sorona Masina voalohany nota-

rihany amin'ny maha Kardinaly azy sady nandraisan'ny Arsidiosezin'Antananarivo ihany koa ny Kardinaly Desiré Tsarahazana. Ankoatra izay dia ny Arsidiosezin'i Toamasina kosa no han-draray ny Kardinaly amin'ny alahady ho avy izao, izay homanihana amin'ny alalan'ny Sorona Masina lehibe manomboka amin'ny 9 ora maraina, ny Sabotsy mialohan'io ko-

sa dia hisy ny alim-bavaka. Tsara ny manamarika fa mbola ny Kardinaly Desiré Tsarahazana ihany hatramin'izao no Filohan'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara sady E-vekan ny Arsidiosezin'i Toamasina, any rahateo no hisy ny toeram-piasany.

Rina Rabemananjara

## Fanabeazana politika

**Voambolana politika Frantsay-Malagasy**

**Extrême gauche :** Vondrona sy antoko manana firehan-kevitra ankavia mivohy ny firehan-kevitra marxista sy ny kaôminista; maôisma, trôtskîsma, castrisme, anarsista. Manipaka ny firehan-kevitra ankavanana, ny demôkrasia liberaly ary mitolona ho an'ny fandrodanana ny kapitalismava ayv amin'ny revôlusionia izay heveriny fa lâlan-tokana hiterahan'ny fiarahamonina mirindra tsy misy saranga. Manohitra ny demôkrasia. Ity vondrona ity dia mpomba ny fampiasana ny herisetra sy fampiro-rohoroana mandrivity ny fihetsiketsehena ataony.

**Faction :** Vondrona na antokon'olona mikatsaka ny handroba ny fitondrana ayv amin'ny fana-

korontanana ao anatin'ny fanjakana iray. **Fanorona :** kilalao antsaina Malagasy. Araka ny lovatsofina dia efa hatramin'ny faha-vazimba no nilalaovana fonorona. **Fascisme :** Fasima. Fi-rehan-kevitra noforonin'ly Benito Mussolini tao Milan tany Italie tamin'ny 1919. Benito Mussolini dia mpitolona tao amin'ny vondrona sôzialista revôlusionera. Ny firehan-kevitra fasista dia miankina tanteraka amin'ny fahefana feno sy maherin'ny fanjakana: "Ao anatin'ny fanjakana ny rehetra, tsy tokony hisy manohitra ny fanjakana, ary tsy misy ivelan'ny fanjakana". Izany fahefana fenon'ny fanjakana izany dia eo am-pelatagan'olo-tokana.

**FBI( Federal Bureau of Investigation):** Sampan-draftiry ny ministren'ny fitsarana amerikana izay misahana ny fanaovana fikarohana sy ankety mombava tsy fana-haranah-dalâna( ny fanaovana takalon'alina, fitsikolovana) sy ny fiorvana ny faritra sy ny sisin-tany. **Federal ( Etat):** Fanjakana federaly. Ny fanjakana federaly dia fan-

jakanan manana fiandrianam-pirenena. Fivondronam-panjakanana vitsivitsy izay samy manana governemanta sy fahalevan-tena voafaritra ao anatin'ny lalampanorenna federaly. Ny fision'ny fanjakana foibe eo ambonin'ny fanjakana federaly dia tsy azo ihodivirana.

**Feodalisme :** Feodalisme, andro fahagola. Ny feodalisme dia rafipitondrana politika, artoekarena sy ara-piara-morina nandritry ny andro fahagola. Ny fahefana manontolo dia teo am-pelatagan'ny aristokrasia tompon-tany izay manao tsindry hazo lema amin'ny vahoaka tantsaha sy ny valala be mandry.

Fetra Ramamonjy

TONONKALO

**NY MIALA AM-BONINAHITRA**

Ny miala am-boninahitra moa tena zava-tsarotra No vitsy ireo mpitondra miroso ho amin'izany ? Ny zavatra fahita: mpitondra miroso varotra Hitoefra eo mandra-matry, hanohy ny hadalany.

Ny miala am-boninahitra moa zava-manahirana No vitsy ireo mpitondra miroso ho amin'izany ? Ny fiafnam-pirenena tsy misy izay mangirana, Ny ady sez afe tsy misy fiafarany !

Ny miala am-boninahitra moa ve faharesena No vitsy ireo mpitondra miroso ho amin'izany ? Tsy aleo ve miala mora dia mba manaja tena ? Tsy maintsy ifandimbiasana ny toerana eto an-lany.

Koa miantso anao mpitondra minia mizirizy, Kanefa efa mikatso ny fiafnam-pirenena. Ny miala re no mety fa aoko izay ny kiry, Ny miala am-boninahitra dia tena fahendrena.

SEDERA RAVALISON (07-07-18)

## MONDIAL 2018

**Fantaro ireo Afrikana manavotra an'i Frantsa**

**E**o amin'ny Mondial 2018 dia samy ma misavisa izay handrombaka ny ho tompondaka erantany amin'ny baolina kitra andiany faha 21 ny rehetra . Maro no miandrandra ny Frantsay saingy boribory ny baolina . Amin'ny Alahady izao ny famaranana ho tanterehana ao amin'ny kianjan'i Loujniki Moscou . Io no lalao famaranana faha 3 izay hatrehan'ny Tricolore Frantsay . Tsiahivina fa ny taona 1998 no nandrombaka ny amboara erantany izy ireo . Raha toa ka lasan'ny Frantsay ity any Rosia ity dia io no amboara erantany faha 2 lasan'ny Frantsay teo amin'ny tantarany . Na izany aza anefa dia mitondra avo ny voninahitr'i Frantsa ireo mainly hoditra Afrikana ao atanatin'ny ekipam-pireneny . Ny fanontaniana mipe-traka dia ny hoe : ho tonga amin'izao toerana misy azy izao ve ny ekipam-pireneny Frantsay amin'ny baolina kitra raha toa ka tsy teo ireo mainly hoditra ? Marina fa antsoina hoe Frantsay ireo mainly hoditra resaha ireo saingy Frantsay an-taratasy fa Afrikana no tena Razambeny . Raha ny tamin'ny ankafoty ny famaranana nifanandrinany tamin'i Belzika ohatra Umtiti izay mainly hoditra no nampiditra ny baolina . Ankoatra izay dia ao koa ry Paul Pogba izay avy any Guinée no tena fia-viany , ry Raphael Varane , ry Toliso , ry Mbappe , ry Sidibe sy ry Kante . Ho an'ny Antoko farany havanana any Frantsa tarihan-dRamatoo Marine Le Pen dia efa nilaza matetika fa tsy tokony hihambo ho mahavita zavatra ny ekipa Frantsay satria tsy tena Frantsay ny ankamaroan'ny mandrafitra ny ekipam-pireneny . Tsy eo amin'ny taranja baolina kitra ihany fa saika amin'ny taranja rehetra dia ahitana mainly hoditra avokoa ny any Frantsa . Samy manana ny heviny ny olona fa ho an'ny sasany kosa dia sahy milaza mahitsy fa mbola taratry ny fanjanahana ataon'i Frantsa ihany ny fisian'ny mainly hoditra any anaty ekipam-pireneny satria ny mpanazatra matetika dia vazaha Frantsay . Raha toa ary ka ho lasan'i Frantsa ity Mondial Rosianina ity dia tsy fandresen'ny Frantsay ireny fa fandresen'i Afrika ihany koa , sa ahoana hoy ianao ?



Mbappé



Umtiti



Pogba



Kante

**Sakafo Ny Valosoa**

Henabaolina sinoa indray no laoka amin'hy Sakafo eto amin'ny gazetinao androany . Ny zavatra ilaina amin'izany dia : totokena, lafarinina (mitovy lanja amin'hy totokena), sira, poivre, kotomila, tongolo lay, tongolo be . Ny fikarakarana azy: voasana ny tongolo dia te-tehina madinika . Alefa anaty mixeur ny fangaro rehetra ankoatra ny lafarinina dia potehina (mixer-na) . Rehefa izay dia alefa ny lafarinina . Mam pangotraha rano, raha tiana asiana sakamalaho mba haha-manimanitra azy . Rehefa mangotraha ny rano dia volvolaina amin'ny solto ilay fangaro mba hanome boribory araka izay refiny mety amin'ny Isairay . Alatsaka ao anaty rano mangotraha dia aveila ho masaka . Mitsingevana izy rehefa masaka . Rehefa vita izay dia izay tiana na hendasin amin'izao na manao saosy voatavia: voatavia, tongolo, persil . Tsara raha asiana ro matsatso anana izay tiana hampiarahana aminy .

**NY VALOSOA sy Mahasoa****Fanafody natorialin'ny hemorroïde**

Fanafody natorialin'ny hemorroïde indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany . Anisan'ny aretila mivenimberina amin'olombelona sady mampitondra faisana ny tanora na olondrehibe ny hémorroïde : raha tiana tsy hiverimberina intsony izany dia ireto no zavatra ilaina : milisa 5 ny hasin'ny tongolo gasy , maromaro ireo ravina manga efa maina ilaina , maromaro ihany koa ny hodin'hy vatan-kazon ny manga mbola lena ilaina . Fomba\_fikarakarana\_azy : tsy maintsy sasana madio avokoa aloha , rehefa vita izay dia atambatra ao anaty vilany efa madio ireo laro ireo ka tampohina rano 2 litatra ao anaty vilany . Rehefa vita izay dia ampongolrahana eny ambony fatana mandritra ny adin'ny 1 ora . Fomba\_fampiasana\_azy : alohan'hy hisakafotra maraina: vera 1 , antoandro vera 1 , haniva vera 1 mandritra ny iray volana ny hisotroana azy . Tsara manihina fa atao tambavy ilay rano io , rehefa hita fa ho lany ilay rano dia tampohana indray .

**NY VALOSOA sy Mahavariana****Ny tanànan'i Fianarantsoa**

Ny tanànan'i Fianarantsoa renivohity ny faritra Matsiatra Ambony indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany . Ny nahatonga ny anarana hoe Fianarantsoa araka ny fantatra dia tamin'ny nanorenana ny tanàna milaza fa ; ety no hianaranana ny soa avy any avaratra . Ny mpanjaka Ranavalona I no nanangana ny tanàna tamin'ny taona 1831 , natao ho renivohity ny tapany atsimo izy tamin'izany fotoana izany . Ny havoan'i Kianjasoa no nosafidiana nanangana ny tanàna voalohany , fa ny tanàna vaovao nomena ny anarana Fianarantsoa dia naorina teo amin'ny havoana manakalaky an'i Kianjasoa antisaina hoe Ivonana , izay loerana voaro kokoa . Ny governoran'i Fianarantsoa tamin'ny voalohany dia Rafaralahindrainainaly , nitondra azy tamin'ny taona 1831 ka hatramin'ny taona 1842 . Azo lazaina ho milaza ho antanan-tohatra 3 ny tanànan'i Fianarantsoa , ny tanàna ambony izay nisy ny tanàna voalohany , misy ireo trano nentim-paharazana sy ireo fiangonana maro ; ny tanàna ireo voanje fahiny amin'ny havoan'i Tsianolondroa misy ireo tranom-parjakana maro ; ary ny tanàna ivo toerana . Eo amin'ny 1200 m eo ny haavon'ny tanànan'i Fianarantsoa . Misy renirano 3 mandalo manakalaky ny tanàna dia ny reniranon'i Mandranofotsy ao andrefana , Tsiananditra ao atsinanana . Ireo renirano roa ireo dia mivarina ao Matsiatra any Avaratra . Amin'ny halampirenena faha-7 ny tanànan'i Fianarantsoa , fahaon-dalana ny tanàna dia ny manatsimo sy ny mankany atsimo atsinanana manaraka ny RN 45 sy ny mankany afovoany andrefan'ny faritra Betsileo dia ny RN 42 , mankany Ikalavony . Misy Bonifontany 7 ny tanànan'i Fianarantsoa , ahitana fokontany miisa 50 . Ramafotsy Irma Harilalaina no ben'ny tanàna ao ankehitriny . Ny tanànan'i Fianarantsoa dia anisan'ny tanàna irobobobo ny varotra eto Madagasikara . Voly vokatra amin'ny manodidina azy ny paraky , ny vary , ny kafe , ny voaloboka fanao divay . Ny voaloboka fanao divay ao Fianarantsoa dia voly avy any Frantsa sy Suisse , izay manome divay mena , fotosy ary mena manopy fotosy na rosés . Any Fianarantsoa no misy ny foben-toeran'i oronasa Karenby , izay saidy anaran'ny fiarakodia vokarina koa , namokatra voalohany tamin'ny taona 1987 , nianona izany avy eo , any mamokatra fiarakodia indray hatramin'ny taona 2010 . Misy se ranam-piaramidina any Fianarantsoa ao Beravina , misy garandamasina ihany koa . Heverina ho anisan'ny faritra be manam-pahaizana eto Madagasikara ihany koa i Fianarantsoa .



**NY TENY FIANANA**

*Ohabolana 6:20*

*Anaka, tandremo ny didin-drainao, ary aza mahafoya  
ny lalan-dreninao.*



TAFATAFA

CRAM

## Mila fanentanana ny mpifidy, hifidy amin'ny 7 novambra

*Ny fanehoan-kevitry ny CRAM indray no  
Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany :*

Ny mpikambana amin'ny Biroa nasionalin'ny Cercle de Réflexion pour l'Avenir de Madagascar (CRAM) hoy ny fanambarana dia maneho izao fomba fiery manaraka izao mialohan'ny fididimana ny Filohan'ny Repoblika amin'ny 07 novambra 2018.

## Fifidianana filohan'ny Repoblika sy ny taham-pahayitrihan'ny mpifidy

Miroso amin'ny fidifianana Filohan'ny Repoblika ny rehetra na dia misy sahady aza ireo kandidâ miala an-daharana satra efa nilamina ny resaka ara-bola ary ho fantatra amin'ny alakamisy 30 agostosia 2018 ny anaran'ireo kandidâ vonona hiatirika izany salingy ny mety ho sakana ny tsy fision'ny fitoniana ara-tsosialy amin'ny famahan'ny governemanta ireo fitokiana atao'nny sendi-ka, izay lena marim-potroto tokoa, mba tsy hisian'ny "taona fotsy" eo amin'ny sehatry ny fampianaranana. Hataon'ny ray aman-dreny sy ireo tanora fenomena ary ny olom-pirenena manan-janaka mi-anatra tokoa no handeha hanarakara fampielezan-kevitra sy handray anjara amin'ny fidifianana kanefy zanany mbola hamerina-taona sady mbola hane-fa ny saram-pianaranana mandritra ny taona iray indray raha sanatratia kantong amin'izany "taona fotsy" izany?

tonga amin izany « taona tsy » izany ?  
Samy efa manomboka ny fampielezan-kevitra  
mialohan'ny fotoana avokoa ireo kandida  
nilaza fa hirotsaka amin'ny fifidianana Filohan'ny  
Republika amin'ity taona 2018 ity na ireo tsy  
ymbola nilaza ampahibemaso kanefia dia efa  
fantatra fa hirotsaka . Samy efa mampiseho ny  
heriny araba-soly sy araba-pitaoavana sahady Izany

Jenny baly sy afa-piavava mazava tsy ireo. Marihina fa tsy voafaritra mazava ao anatin'ny Lalana mifehy ny fidekanana ny fe-poloana mazava hanaova- na ny fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana sy ny famerana ny vola hampiasain'ny kandida iray sy ny fizaranatracovana sy vola amin'ny fampielezan-kevitra.

Na izany sahady aza ny tranga efa miseho dia manantena ny rehetra fa tena hipetraka am-  
in'ny tsy fiandianiana marina ireo Minisitra mpikambana amin'ny governemanta Ntsay Christian sy ireo mpiasampanjakana ambony ka tsy hisy handravanjara mivitanya na anko-  
leha [www.famadihana.ksv.mg](http://www.famadihana.ksv.mg)

Iala mandintu ny fampielezan-kevitra.  
Mialohan'izany fididianana Filohan'ny Repoblikanika izany anefia dia tena manana adidy ireo Antoko politika sy ny Flarahamonim-pirenena amin'ny fanerantananana ny olom-pirenena mba handray anjara amin'ny fididianana satria « zo sy adidy amin'ny firenena » izany sady mba hialada amin'ny fifanomezan-Isiny any ariana rehefa tonga ny tsy fahombiazan ny mpitonandra, indrindra fa aoriany'ny fididianana Solombavambahoaka amin'ny taona 2019.

Raha ny tena marina dia tokony mahazo ny 51% ny mpifidy voasoratra anarana ny Filohan'ny Repoblika voafim-bahoaka amin'ny fihodinana faharoa sady manana ny maro an'isa eo anivon'ny Antenimeran-prenena. Iho-ino na nitrantra tamin'ny fiddianana tampon-dina 2012.

Nahatratra 7 971 790 ny isan'ireo mpifidy voasorala aranara. Araka ny vokatra ofisialy na-vokan'ny Fitsarana Avo momban'ny Lalampanorenana dia nahatratra 4 043 246 ny

Manzanell-McMullan

RANIRY MAHAJANGA

**Peta-toko ny fanatanterahana ny fifidianana amin'izao fotoana**

Momba ny raharaha-m-pire-nena amin'izao fotoana, mitondra ny heviny indiry Raniry mpanoratra sy impanakanto any Mahajanga : Marina ary tena tsy lavina tanteraka fa ny fididianana ihany ary tena ny fididianana tokoa no hany vahaolana tokana hivoahana amin'izao krizy lavareny lavalan'hy firenena malagasy izao, saingy tsy tokony hihaza-kazahana sy enjikenjehina atao petatoko tahaka iao zava-miseho ankehitriny izao. Vahaolana ho amin'ny ho avy no tian-kajoro ary vahadana maharitra ho am ny taranaka faramandimby ka aleo maka bahana tsara aloha. Inona koa fitidiana hotanerahaha ao analy fotoanam-pahavaratra sy ao analy fikoropahana tanteraka ity? Tsy mbola fanohi-zana ny tsy fanaranah-dalana ve izany? Inona no ho zavabonana amin'izao? Tsy satria tahotry ny fididianana vel-vely fa raha iao zava-misy iainan'ny firenena ankehitriny izao dia tsy mbola mety ny hiroscana avy hatrany amin'izany ny fididianana izany. Vaovalohy amin'izany sakana izany ny tsy fandriampahalemana mbo-la manjaka manerana ny Nosy, indrindra ny any amba-nosy. Atao ahoana no hanataneraka fididianana so atao horohoro sy tebiteby lava tahaka iao iainan'ny vahoaka ankehitriny izao? Se va etao amboletra ihany ka tsy olana na dia tsy tonga midify aza ny tambanivohitra sy ny vahoaka madinika? Manaraka izany, tsy azo odiän-tsyl hita ny fitakiana etsy sy eroa ataon-ireo sendika samihafa raha tsy hiteny afatsy ny an'ireo mpampianatra. Ily faharoa ity no asiana Tsindrim-peo manokana. Toa tsy mampiraika sy mampihetsi-bolomaso akory ny mitondra mantsy, indrindra dira Ingahy Ministry ny fampiarana, kanefana hita iao fa efa tena maharary sy misy fiantraitanya lehibe tokcoa amin'ny valala tsy mandady harona? Iza moa no tsy maneiky sy maliky fa lema tsy rariny tokoa ny karaman'ny mpampianatra Malagasy? Izy ireo no isan'hy farahidiny indrindra amin'ny mpia-sam-panjakana rehetra kafaneha raha tsy noho izy ireo dia tsy nisy tahaka iao izo toe-rana misy antisika iao isika rehetra. Ankoanty dia di-an-ton-golra mandroso sy mivirena marain-tsy hariva dia tsy maitsy hiaretana ny ovovky ny tsaoaka, ny ditranhy mpianatra, tsy maitsy mijoro man-drakariva ao an-tsekolty sy ao an-dakilasy manazava ny les-ona sy manara-maso ny mpianatra tsirairay, ny fitsarana ny fampiasana sy ny fana-nidana rehetra, ny fano-manana sy ny fionamanana isan-karazany isan'andro isan'ora... Karama tsizarizary tsy aha-zaona mividy tohan'aina kely akory tahaka ny an'ireo mpia-sam-panjakana hafa anefo no azony isam-bolana, zara raha mahatody herinandro dia jifa: tonga amin'lay fitenenana hoe : "TDL Tonga Dia Lany". Kapa no enti-mpampianatra fa tsy mahavydikiran-mihaja sy lafo

vidy, sitrany ahay...mafady e ! Tena mampahonena ny mpampianatra Malagasy, izay no azo amehezana azy. Raniny loatra raha mba mitaky ny zony izy reo ary tena tokony hanamopy tosika azy isika rehetra izay nahita tombontsoa tamin'izany mpampianatra izany. Ekena fa maharary tokoza izany taona fotsy izany saingy raha izay no hampanhazo raniny ny mpampianatra dia aleo re hiaraha-mihinatra e ! Mizariziry mantsy ny fanjakana sy ny sehatra iraisam-pirenena. Tsy mahamaika azy ny olan'ny mpampianatra Malagasy fy fiyi-dianana ihany. Maika handray ny "lakle-ny", hono, ilay tompon'ny "lakle" ka tsy mahendry intsony ny man-hantaranterahana ny fididianana eken'ny rehetra, ka na inon-kidona na inon-khalatra dia tsy maintsya atao daholo izay fomba rehetra hiverenany indray toy ny nataony tamin'ny tetezamitralta. Tsy ao anatin'ny savororvo sy tsy fitoniana tahaka izao zava-misy iainantsika ankehitriny izao velively no hirosoana amin'izany fididianana izany fa tokony ho ao anaty fitoniana tanteraka. Mety hitenry ny governementa hoe : "aleo ny mpitondra manaraka eo no hamaha an'izany olana rehetra izany". Ahoana no ahazo-ana antoka fa mpitondra lanim-bahoaka sy tena mahavaha olana marina tokoa no ho lany eo raha atao tefy manta sy atao tery vay manta any atao mainmaka sy vonjivonjena toa tsinain-kena tahaka izao ny fididianana? Ny sasany aza efa miroso sahady amin'ny fam-pieleanz-kevitra.

Tsy hisy zavatra hioka sy han-tenalain-kamiratra izany elo Gasikara raha izao no mitohy, volan-kakafoatra : "ny omaly tsy miova". Ny tetra Mahajanga izao dia tena nisy tokoa ny fizaram-bola sy ny fanambatambazana olona nandritra ny fampifelezanz-kevitra mialon-han'ny fotoana nalaon'ny sasany. Ny filakarakarana amin'ny ankapobeny dia tena "purement business" fa tsy misy fanasovam-bahoaka hita ratra izany. Vaka ny saina maha-iteo ifara tsara tarehy mitandahatra, efa voaloko sy voaravaka tsara; vola avy aliza daholo no nahafoana an'ireny? Sa izay tokoa no wokat'ilay tetezamitralta? Isika Malagasy moa dia tena voafatotra sy voagejan'ity "fanatisme aveugle" ity hany ka zary tsy "realiste" intsony, fa raha ny zava-misy ankehitriny dia toa mampahany mafy ihany. Fehiny, ekena fa ny fididianana ihany no vahaolana mahombry indrindra saingy tsy tokony halao an aotany fikoropahana tahaka izao izany fa tsy maintsya alamina sy anindra tsara aloha. Tsy manipilamina ny fididianana atao an-kamehana. Hila sy tsapa fa atao amboletra ilay fididianana tian-katao amin'ny faraparan'ny taona izao fa tsy misy akory ny fakana ny hevit'ireo herivelona rehetra elo amin'ny Nosy. Manaporofy izany ny fitetzezam-piratra, sahady atao ny sasany. Zanaka MAPAR ny HVM, Inona no antony hirotoro-toana hanao fididianana ao anaty fahavaratra? Dia tsy andry mihitsy ve ny fahalongavan'ny main-tany hanalanterahana an'izany amim-pilamianana sy amim-plioniana? Mahagaga fato tsy mba mahay manat-soaka lesona tamin'ny lasa sy zavatra efa hita mihitsy isika Malagasy! Tsy hisy zava-banana sy ho voaorina ac-anaty ahiahy sy savororvo izany fa amboletra tsota izao no atao izay minia mikipy aminizany. Ahoana koa moa no hahavitanja fididianana milamina sy madio ao anatin'izao tsy fandriampahalemana efa mila hampteny ny moana izao? Ahoana no hanalanterahana fididianana ao anatin'izao filakiana mivaivay atao'n'reo seddika maro samihafa izao? Manaraka izany dia apetraka tsara koa aloha ny lalana rehetra ifampifehezana amin'izany, hakana ny hevitry ny rehetra ny fankatocavana azy vadimiroso tanteraka amin'ny fididianana. Tezaina tsara aloha ny clon-dreherla mba hijro ho tena olom-pirenenina marina tokoa, mba tsy ho ny herin'ny vola sy ny kolikolony no han-jaka eto. Raha izao zava-misy iainana ankehitriny izao aloha dia hita fa fididianana hiteraka olana hafa indray ny fididianana hotanterahana ao anaty fahamaizana sy atao amboletra toy izao, lo zaatra manao be marenina io ihany moa no maha-voa ny mpitondra, maika sy faly ny hahazo seza fotsiny fotsy mba mitsinjo marina tokoa izay fanavatom-pirenenina sy fanafoavam-bahoaka. Dia ho hitantsika eo fa ny tanteraka hitsara.

Mampahonena fa vokatry ny fahantrana dia zary manadtsindry aloka antsika hatrany ny mparnatsy vola iraisam-pirenena. Tsy tokony hadinoina anefia fa mpitondra faisana metatika antsika io fiankinandoha lava amin'ny sehatra iraisam-pirenenia io. Tsarantsika tsara ny "Ni...Ni" napetrak'izy ireo tamin'ny 2013.

Farany, efa tena tsindriandaona fatratra izahay aty anindran-tany amin'ny hisokafany MBS sy ny TIKO AAA. Rahoviana ihany, hoy ny maro? Antenaina la efa tsy ho elia intsony angamba raha loa tsy hisy indray ny sampona. Samia mivavaka isika mianakavy e! Mba tsy ho kizo faraintsony ity Gasikara malantsika rehetra ity ka ny sitrapon'Andriamanitra tokoa no hanjaka. Amafiso hatrany ny fionbonam-bo sy ny firaian-kina fa na ny Tompo na irec Razantsika dia samy nandalantaratra izany ififikantikanava izany. Ho to anio ilay hoe : "Ny tonga miraka fanombahana fa ny milasa miaraka no fahombiazana" araka ny voala-zani Dada Marc RAVALOMANA-NANA, "Aza matahotra, minoa fotsiny ihany"...

**Raniry (Mpanoratra - Mpakananto)**

Mpamaky tsy tapaka ny gazety Ny Valosoa Vaovao eto Mahajanga

Nangonoin'sambilao

## DEPIOTE HORACE

## Manohy ny asa sosialy ataony ao amin'ny Boriboritany VI

**N**y tolona teo amin'ny 13 Mey no nijanona fa ny tolona mbola mitohy hoy ny Deputé Marie Horace Rasoanoromala. Ny asa iarahana amin'ny vahoaka sy ny fidandraina sana aminy dia isan'andro ka tsy hamaritana fotoana. Fokontany Ampandriambelivavy Boriboritany faha 6, taorian'ny fampaharezana ny fianakaviana namana mpiray fikambanana izay nidom-pahoriana tao, dia niroso niijery ny olana fotra izay tsy maintsy ho vahana momba ilay paompy ao Ampandriambelivavy izay efa nanaovana ezaka niarahana ta-



Ny depote Horace, mitafa vantana amin'ny mponina ao amin'ny Boriboritany faha-6.

min'ny Depote Horace manokana sy ireo mponina mampiasa izany. Na dia vita tsara aza ny lalana vokatry ny CLD niadivan'ireo Depote ny hanazoana azy dia mbo-

la vidina 300Ar ny iray bidon rano alaina amin'ny sarety tanana eny amin'ny Fokontany Avaratetezana, ka izay indrindra no hanafangana ny hamitana ny

paompy mba hahazoana RANO FISOTRO MADIO ny mponina ka tsy rano eo Mamba no sotroina, ny fantsona rahateo efa tonga eo amin'ilay paompy najoro. Tsy adino ny nanafatra ny mponina hikojakoja ny fotodrafits'asa iombonana. Omaly no nanomboka ny fidinana ireo Fokontany ny ASA SOSIALY maimaimpoana hanampiana ireo TANORASY VEHIVAVY ary ny MPIANATRA hanala fandinana dia mila milvona hatrany hiatika ny zavatra misy ary efa hanomboka TSY HO ELA.

Isambilo

## Fampianaranana

## Rava maina ny "examen blanc" tany Marolambo

Raikitra ny sakoroka teo anivon'ny mpianatra ny Lycée tao amin'ny Distrik'i MAROLAMBO fari tra Atsinanana ary rava maina ny Examen blanc, na ny fanadinana andrana nataon'ny mpianatra izay hanala CEPE afak'omaly maraina, raha nanao fanomanana ny fanadinana ny mpam-

pianatra Lycée, nefi nisy zavatra tsy nahatomom-bana anizany no nihatra tam'in'ireo mpampianatra ireo, ka lasa niititra anefi izany, ary nanapakevitra nitarika ny grevy ny mpianatra tao amin'io Lycée io, izay nitarika sakoroka. Be ny fahsimbana naterak'izany satria simba ny WC, Bâ-

timent, Bibliothèque, table banc sns.... ny documents rehetra koa tsy nisy azo noraisina, ary nifafra tamin'ny fanakontanana ny mpianatra nanao ny fitsapam-pahizana hiatika ny fandinana tsy ho ela io.

Ny Valosoa



Ny fahapotehana tamin'ny sekoly tao Marolambo.

## VTTFM sy ny OSCAR

## Vonona hijoro hampita ny feon'ny vahoaka hatrany

Misy ny fanmabarana avy amin'ny fikambanana VTTFM sy OSCAR any ivelany momba ny raharahan-pirenena ankehitriny. Noho ny tranga miseho ao an-Tanindrazana ankehitriny hoy izy ireo, izay tena miteraka zava-dzoa ho an'ny vahoaka Malagasy sy mbola vao malina ham-pidi-kizo Lalina indray ny Tanindrazantsika, dia manao izao fanambarrana izao ny VTTFM sy ny fikambanan'olontsotra (OSCAR) izay samy tsy mpanao politika fa TENA VONONA NY HIRAKY SY HIARO NY TOMBON-TSOAMBO-NIN'NY FIRENENA SY NY VAHOAKA MALAGASY TSY VAKIVOLO. Amafisina sy ampahtsiahivina dieny ety amboalo hany fa tampimbava tanteraka ny vahoaka Malagasy ankehitriny, voafitak'ireo mpanao politika maloto, voambaka sy voatsentira hatrany, voahosihosy ny zony, atao kilalao hatramin'ny ainy mihintsy aza ... Koa manambatra ny herinny ny fikambanan'olontsotra maro manerana ny Nosy haneho ny heviny.

Tsindriana etoana fa ny VTTFM (Vondrona Tia Tanindrazana ho an'ny Fanarenana an'i Mada-

gasikara), izay tarihin'i Arlette RAMAROSON, dia nanapa-kevitra ny hitoranda izany feon'ny vahoaka Malagasy izany ho re maneran-tany. Vonona ny VTTFM hijoro, any efa mampiseho amin'ny herinny rehetra fa nitondra sy mitondra ary mbola hitondra sy ham-pita hatrany ny feon'ny vahoaka Malagasy ho ren-tany sy ho ren-danitra mandra-pahatantary...

TSY HANAM-PETRA KOA IZANY FINIAVANA IZANY NOHO NY HETA-HETA HANAVOTRA NY TANINDRAZANA IOMBONANA ALOHAN'NY FAHAVEREZANA TANTERAKA.

Koa natao ary ny fanambarrana niarahana tamini'ny OSCAR, izay vondron'ny fikambanan'olontsotra maro dia maro, tarihin'i Mireille RAKOTO HERY. Maro ny olona "fantatra anarana" no tonga nanotra sy nanao fanambarrana am-pahibemaso, ary isaorana azy ireo izany noho ny finiavany nampiseho firaisan-tsaina sy firaisan-kina, satria dia nanehoana ny fiaranan'ny fo mitempo ho an'i Madagasikara tokoa izany.

Raha ho fehezina fohifohy ny vontoatin'izany

fanambarrana izay natao izany dia azo tsongaina ao ny:

- Fanoherana sy fankianana marin-drano ny fampiharana ny didy na-voakan'ny HCC (décision n°18-HCC/D3\_ du 25 Mai 2018)

- Fitaterana mivantana ny tsy fahatomombanan'io Lalana navoakan'ny HCC io

- Fanitsaktsahan'ny HCC ny zon'olombelona sy famboleno korontana eo amin'ireo vondrona politika maro

- Tsy fanarahan-dalàna isan-karazany izay atao-n'ny HCC

- Tsy fanarahan'ny HCC ny fangatahana "tena marim-potora" izay na-taon'ireo solombavam-bahoaka maro ho fampitsaharana tsy misy hatak'andro an'Andriamatoa Hery RAJAONARI-MAMPIANINA amin'ny asany amin'ny maha-fihola azy. Izany dia satria tsy natsangany ara-po-toana ny HCJ (Haute Cour de Justice)

- Fanitsaktsahan'ny HCC ny Lalàm-panorenna Malagasy

- Tsy fanan'an'ny HCC fafetana handrava ny governemanta (raha araka ny Lalana velona)

- Nampiharan'ny HCC ny "accord politique" izay tena mamoa-fady sy tsy

nangatahin'ny vahoaka sy ireo vondrona politika rahateo...

Natao ary ny fampandrenesana ary nalefa ny antso mba hipaka any amin'ireo fikambanana Iraisam-pirenena maro samihafa : Secrétaire Général des Nations Unies, Haut Commissariat des Nations Unies, Union Africaine, PNUD, SADC, ary ireo masoivo hohy rehetra ao Madagasikara. Ho fehiny, ny governemanta tandrametaka sy natsangatsangana fahatany izay misy ankehitriny dia tokony ho ravana tsy misy hatak'andro satria tsy marim-potora da-holo ireo Lalana navoakan'ny HCC... satria dia mbola kitrananostrano sy fandikan-dalàna hatrany no natao...

NY FAHAMARINANA MANANDRATRA NY FIRENENA hoy ihany izy ireo. Sady tsy "mangalatra départ" toy ny sasany isika hoy izy no koa tsy mamboly vola tsy fanta-pihaviana hozazarainana, fa tena hiady kosa ho an'ty Tanindrazana iombonana sy ny tombon-tsoany.

Ny Valosoa

Vazaha nikasa handositra any andafy

## Taraiky tsy afa-niala teto Madagasikara

Vita ny nataony nandritra ny telo volana niasany teto, dia saika hipitsipitsika an'ity tovovavy iray ilay vazaha namita iraka.

Nandritra ny diany teto, dia nilaza izy fa hananganana orinasa eto. Toy ny olona rehetra rehefa mivahiny any an-tanin'olona, dia tsy maintsy tonga ao anatin'ny loha matetika ny hijery vehivavy, mba hiara-hanala fahanginana amin'ny tenany e. Isabine etsy Talatamaty no niantefan'ny fon'ity vazaha ity, ary io no niaraka taminy nandritra ny telo volana. Efa nitondra vohoka mihtsy ity Sabine ity tam'in'ny nanaovan'io vazaha io azy.

Ity tera-tany vahiny ity moa, dia nanambara fa haka vady azy. Tsikaritry Sabine ity, fa mikasa hody any ivelany ilay vazaha, ka handositra azy. Izay indrindra no nandehanany'ity vehivavy ity teny amin'i Noelah etsy 67ha. Nantsoiny ny 034 61 32862 ary nitomany izy tamin'ny fietsika atao'nio vazaha io azy.

Tongava aty ianao hoy i Noelah, fa ataontsika amin'ny fanaovana azy io. Nomen'ity Noelah ity ody fitia ilay zazavavy, ka teo no naha-taraiky ity vazaha ity tsy afa-niala teto. Izy indray no nanambara hoe entliko hody any an-dafy ianao ry vady malalako, ary tsy hisaraka aminao mandrakizay aho. Tena lasa vadim'lo vazaha io ity zazavavy ity, ary nentiny any andafy.

Tera-dahy izy roa, ary tamin'ny herinandro teo no tafaverina eto an-tanindrazana indray miaraka amin'ny zanany. Hividy tany sy hanao trano eto izahay hoy izy ireo. Mbola tany amin'ity Noelah ity ihany izy ireo no nanatsara ny vintana, indrindra fa ny fanalana ny tolaka mety hiseho rehefa hanorina trano ny olona iray.

Raha tsy taty aminao aho hoy ity Sabine ity, dia efa nilazaon'ny rain-janako. Isaorako anao, hoy izy, fa tena tia be anay mianaka ilay vazaha. Nilaza i Noelah izay taizan-jazavavindrano, fa ny hery avy ao aminy, dia tsy mandainga, fa tena mandaitra, ary betsaka ny vehivavy namiry hanambady vazaha na mpanan-karena no tafta tam'izay niranay rehetra nandaloo tao aminy.

Nanolotra fanomezana ho an'i Noelah ity vehivavy ity, saingy tsy mba nampahafantary an'ilay vazaha kosa ny fankanesany tany amin'ity mpitsabo malaza mpamaha olana ity.

Ny Valosoa



Tsy tafavoaka an'lvato ilay vazaha.

## PRIERE AU SACRE COEUR



Que le Sacré Coeur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de merci le Sacré Coeur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Coeur pour faveurs obtenues.

Holitiana R



**An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao**

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Marc Ravalomanana mivady niarahaba ny kardinaly vaovao tenty Ivandry omaly.



Ny tolon'ireo mpanabe tenty Anosy omaly.

